



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**EPISTILY HO AN'NY TESALÔNIANA**  
**– EPITRES AUX THESSALONICIENS**

Alakamisy 31 desambra 2020  
*Jeudi 31 décembre 2020*

**NY FAHAMASINANA, NY FIFANKATIAVAN'NY MPIRAHALAHY ARY NY FITSANGANANA**  
**AMIN'NY MATY (1 Tesalôniana 4) – LA SAINTETE, L'AMOUR FRATERNEL ET LA**  
**RESURRECTION DES MORTS (1 Thessaloniens 4)**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le**  
**Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu**

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Teny fampidirana – Introduction**

Hiditra amin'ny fizaràna voalohany àry isika izao ka ho vakiana amintsika ny 1 Tes. 4, 1-8. Fa mialoha izany, dia andeha hiarahantsika manao ny – *Nous allons entrer dans la première partie et nous allons entendre la lecture de 1 Thess. 4, 1-8. Mais avant cel,a chantons le cantique :*

**Hira (Cantique) 440 (feony faharoa ao amin'ny Tiona FFPM), 1-2 : Ry Kristy ô, Mpanjakako :**

1. Ry Kristy ô, Mpanjakako,  
Ny foko ho Anao,  
Ny feoko hasandratro  
Hihira ho Anao.
2. Mba raiso ny fanahiko  
Hanao ny Sitrakao.  
Ny tenako, ny heriko,  
Dia ento ho Anao.

**Teksta 1 – Texte 1 : 1 Tesalôniana (1 Thessaloniens) 4, 1-8 :**

1 Ary farany, ry rahalahy, mangataka aminareo sy mananatra anareo ao amin'i Jesosy Tompo izahay, mba ho araka ny nandraisanareo taminay izay mety handehananareo sy hanaovanareo ny Sitrapon'Andriamanitra - dia araka ny andehananareo ihany - no hitomboanareo bebe kokoa. 2 Fa fantatrareo ny Didy nomenay anareo avy tamin'i Jesosy Tompo. 3 Fa izao no Sitrapon'Andriamanitra, dia ny hanamasinana anareo, hifadianareo ny fijangajangana, 4 mba samy hahafantatra izay hahazoanareo ny fanaky ny tenanareo avy, amin'ny fahamasinana sy ny voninahitra, 5 tsy amin'ny filàna fotsiny, tahaka ny jentilisa izay tsy mahalala an'Andriamanitra, 6 mba tsy hisy hanao saina hifetsy ny rahalahiny amin'izany. Fa ny Tompo no mpamaly ny amin'izany zavatra rehetra izany, toy ny nolazainay sy nambaranay taminareo rahateo. 7 Fa Andriamanitra tsy niantso antsika ho amin'ny fahalotoana, fa amin'ny fahamasinana. 8 Koa izay mandà, dia tsy olona no laviny, fa Andriamanitra, izay manome anareo ny Fanahiny Masina.

*1 Maintenant donc, frères et sœurs, vous avez appris de nous comment vous devez vous conduire et plaire à Dieu, [et c'est ce que vous faites]. De même, nous vous le demandons et nous vous y encourageons dans le Seigneur Jésus : progressez encore. 2 Vous savez, en effet, quelles instructions nous vous avons données de la part du Seigneur Jésus. 3 Ce que Dieu veut, c'est votre progression dans la sainteté : c'est que vous vous absteniez de l'immoralité sexuelle, 4 c'est que chacun de vous sache garder son corps dans la consécration et la dignité, 5 sans le livrer à la passion du désir comme les membres des autres peuples qui ne connaissent pas Dieu. 6 C'est que personne dans ce domaine ne fasse de tort à son frère ou ne porte atteinte à ses droits, parce que le Seigneur fait justice de tous ces actes, comme nous vous l'avons déjà dit et attesté. 7 En effet, Dieu ne nous a pas appelés à l'impureté, mais à la consécration. 8 Celui donc qui rejette ces instructions ne rejette pas un homme, mais Dieu, qui vous a aussi donné son Saint-Esprit.*

**Fanamarihana 1 – Commentaires 1**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny ankohonantsika - *pour nos familles*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 437, 1-2 : Ry Jeso Kristy Tompo, ô ampio ny olonao :**

1. Ry Jeso Kristy Tompo, ô ampio ny olonao,  
Ampianaro mba hanompo sy hanao ny Sitrakao.  
Malemy aho re ka omeo ny Herinao,  
Tsy hivily, tsy hania, fa hanara-dia Anao.

Fiverenana :

*Ô vonjeo, Ô vonjeo,*

*Ka tantano sy jereo.*

*Aza afoy izahay,*

*Fa lanao no Avotray.*

2. Ny foko mba diovy, ry Mpamonjy lehibe  
Ka ambeno sy arovy sao dia very aho re.  
Iriko indrindra koa ny hitombo sy hamao,  
Ka ny voka-tsoa rehetra ho Anao, ry Jeso ô !

**FIZARANA 2 – PARTIE 2**

**Teksta 2 – Texte 2 : 1 Tesalôniana (1 Thessaloniens) 4, 9-12 :**

9 Fa ny amin'ny fifankatiavan'ny mpirahalaha, dia tsy misy tokony hosoratako aminareo, satria ny tenanareo dia ampianarin'Andriamanitra hifankatia. 10 Fa manao izany ihany ianareo amin'ny rahalahy rehetra eran'i Makedonia. Nefa mananatra anareo ihany izahay, ry rahalahy, mba hitombo bebe kokoa, 11 ary mba hokendrenareo ny ho tafatoetra tsara sy hitandrina ny raharahanareo ary hiasa amin'ny tananareo araka ny nandidianay anareo, 12 mba handehananareo amin'izay fitondran-tena mahamendrika amin'ny eo ivelany, ary mba tsy hanan-java-mahory ianareo.

*9 Vous n'avez pas besoin qu'on vous écrive au sujet de l'amour fraternel, car vous avez vous-mêmes appris de Dieu à vous aimer les uns les autres, 10 et c'est aussi ce que vous faites envers tous les frères et sœurs dans la Macédoine entière. Mais nous vous encourageons, frères et sœurs, à progresser encore, 11 à vous efforcer de vivre en paix, à vous occuper de vos propres affaires et à travailler de vos mains, comme nous vous l'avons recommandé. 12 Ainsi votre conduite sera honorable aux yeux des gens de l'extérieur et vous ne serez dépendants de personne.*

**Fanamarihana 2 : – Commentaires 2**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny mpitandrina – *pour les pasteurs*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 529, 1-2 ary (et) 7 : I Jesosy no Mpiandry tsara, maty, tia :**

1. I Jesosy no Mpiandry tsara maty tia,  
Ny Rany nampiray antsika olony.  
Fa Izy no mandidy hampifankatia  
Izay te-ho olony.
2. Ka manahafa Azy Tomponao, ry mino,  
Tsarovinao ny Didy izay natolony,

Fa tiany hifankatia isika mpino,  
Fa samy olony.

7. Ka mivavaha re ho an'ny rahalahy,  
Hiraisantsika tsara fa iray manjo.  
Ny fo izay tia tsy mba mampiahiahy :  
Horaisin'i Jeso.

### FIZARANA 3 – PARTIE 3

#### Teksta 3 – Texte 3 : 1 Tesalôniana (1 Thessaloniens) 4, 13-18 :

13 Fa tsy tianay tsy ho fantatrarao, ry rahalahy, ny amin'izay modi-mandry, mba tsy hahalalohovanareo tahaka ny sasany izay tsy manana fanantenana. 14 Fa raha inoantsika fa efa maty Jesosy sady efa nitsangana indray, dia toy izany koa no hitondran'Andriamanitra izay efa nodi-mandry tao amin'i Jesosy hiaraka aminy. 15 Fa izao no lazainay aminareo amin'ny Tenin'ny Tompo : isika, izay velona ka mbola mitoetra mandra-pihavin'ny Tompo, dia tsy mba hialoha izay efa nodi-mandry tsy akory. 16 Fa ny Tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha. 17 Ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka : dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika. 18 Koa dia mifampionona ianareo amin'izany Teny izany.

*13 Nous ne voulons pas, frères et sœurs, que vous soyez dans l'ignorance au sujet de ceux qui sont morts, afin que vous ne soyez pas dans la tristesse comme les autres, qui n'ont pas d'espérance. 14 En effet, si nous croyons que Jésus est mort et qu'il est ressuscité, nous croyons aussi que Dieu ramènera par Jésus, et avec Lui, ceux qui sont morts. 15 Voici ce que nous vous déclarons d'après la Parole du Seigneur : nous les vivants, restés pour le retour du Seigneur, nous ne devancerons pas ceux qui sont morts. 16 En effet, le Seigneur, Lui-même, à un signal donné, à la voix d'un archange et au son de la trompette de Dieu, descendra du ciel et ceux qui sont morts en Christ ressusciteront d'abord. 17 Ensuite, nous qui serons encore en vie, nous serons tous ensemble enlevés avec eux sur des nuées à la rencontre du Seigneur dans les airs, et ainsi nous serons toujours avec le Seigneur. 18 Encouragez-vous donc les uns les autres par ces Paroles.*

#### Fanamarihana 3 – Commentaires 3

##### Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mana-manjo - pour les endeuillés
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes

##### Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

**Hira (Cantique) 631, 1-3 : Ry Jesosy, Tompo tsara, ry Mpamonjy ô :**

1. Ry Jesosy Tompo tsara, ry Mpamonjy ô,  
Sambatra aho, mananjara : manana Anao.  
Fa na maro ny mpandrafy ta-hamely ahy mafy,  
Ianao mahay manafy Hery ny Anao.
2. Be ny manodidina ahy efa lasana,  
Manakaiky mampanahy re ny fasana.  
Nefa, ry Mpamonjy soa, tena sitrakao tokoa  
Ny hitantana ahy koa ao an-dalana.
3. Eny, izaho manantena, ry Mpamonjy ô,  
Fa hahazo Famonjena any Aminao.  
Raha hilaozako ny tany, izaho tsy mba hitomany,  
Fa hiakatra hankany anatrehanao.

**FANDRAVONANA – CONCLUSION :**

**Teksta – Texte : Kôlôsiana (Colossiens) 1, 9-11 :**

9 Ary noho izany koa hatramin'ny andro nandrensanay dia tsy mitsahatra mivavaka sy mangataka ho anareo, mba hofenoina fahalalana tsara ny sitrapony ianareo amin'ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina rehetra avy amin'ny Fanahy, 10 mba handehananareo miendrika ny Tompo, hanaovana ny Sitrapony amin'ny zavatra rehetra, dia mahavokatra amin'ny asa tsara rehetra sady mitombo amin'ny fahalalana tsara an'Andrimanitra, 11 ary ampahatanjahina amin'ny hery rehetra araka ny herin'ny voninahiny ho amin'ny faharetana rehetra sy ny fandeferana amin'ny hafaliana. Amen !

*9 Voilà pourquoi nous aussi, depuis le jour où nous en avons été informés, nous ne cessons de prier Dieu pour vous. Nous demandons que vous soyez remplis de la connaissance de sa volonté, en toutes sagesse et intelligence spirituelles, 10 pour marcher d'une manière digne du Seigneur et lui plaire entièrement. Vous aurez pour fruits toutes sortes d'oeuvres bonnes et vous progresserez dans la connaissance de Dieu, 11 vous serez fortifiés à tout point de vue par sa puissance glorieuse pour être toujours et avec joie persévérants et patients. Amen !*

**Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,  
Que ton Nom soit sanctifié,*

*Que ton Règne vienne,  
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.  
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.  
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont  
offensés.  
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.  
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des  
siècles. Amen !*

**Tso-drano – Bénédiction :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !*

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !*

**Fanirahana - Envoi :**

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

*Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !*

**Fiangonana (Assemblée) :** Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions Dieu.* Amen !

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**